# WORLD PATHFINDER DAY 2023

1950 - 2023

GENERAL CONFERENCE

GO WITH JESUS

YOUTH MINISTRIES

73RD ANNIVERSARY

## SEPTEMBER 16TH, 2023

**ADVENTIST YOUTH MINISTRIES**

GENERAL CONFERENCE

gcyouthministries.org




Ireo toriteny momba ny Andron'ny Mpisavalalana Maneran-tany dia navoakan'ny Departemantan'ny Tanora, Foibe manerantanin`ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito®. Zo rehetra voatokana.

Copyright © 2023, nataon'ny Departemantan'ny Tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Azo alaina maimaim-poana ao amin'ny tranokalanay, gcyouthministries.org

Fahazoan-dalana hanao dika mitovy ireo toriteny maneran-tany momba ny Andron'ny Mpisavalalana 2023, nomena ho ampiasain'ny fiangonana eo an-toerana, vondrona tanora, ary ireo asa fanabeazana kristiana hafa.

Tsy ilaina ny fahazoan-dàlana manokana. Na izany aza, ny votoatin'ity toriteny amin'ity Andro maneran-tany ho an'ny Mpisavalalana 2023 ity dia tsy azo adika amin'ny endrika hafa raha tsy nahazoana alalana an-tsoratra avy amin'ny mpamoaka.

Nalaina tao amin'ny Baiboly, New International Version®, NIV® ny teny nalaina avy amin'ny soratra masina voamarika (NIV). Copyright © 1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.TM Nahazoana alalana avy amin'i Zondervan.

**Mpanoratra:** Pr. Alejandro Remo Diaz
**Talen'ny Famoahana:** Pr. Andrés J. Peralta
**Mpanampy teo amin'ny Famoahana:**
Ivonne Omana
**Nandika teny:** Ivonne Omana
**Sary avy amin'ny:** freepik.com
**Nandrafitra ny fonony & ao anatiny**
HadGraphic Inc.
Tel: 718-926-5468
hadgraphic@gmail.com

# FIZAHAN-TAKELAKA


1. FIARAHABANA, 4
2. MAHAKASIKA IREO MPANORATRA, 5
3. FAMPAHAFANTARANA MAHAKASIKA NY ANDRON'NY MPISAVALALANA, 6
4. SOSO-KEVITRA AMIN'NY FANDAHARAM-POTOANA HO AN'NY NY ANDRON'NY MPISAVALALANA, 7
5. SOSO-KEVITRA HIATREHANA NY TEBITEBY, 8
6. NY TARIGETRA, TENY BAIKO, VOADY SY LALÀNA, 10
7. NY FOTO-KEVITRA SY IREO ZAVA-KENDREN'NY MPISAVALALANA EO AMIN'NY FIANGONANA ADVANTISTA MITANDRINA NY ANDRO FAHAFITO, 11
8. TORITENY, 14

# FIARAHABANA

Miarahaba ny Mpisavalalana rehetra!

Taona iray izay no lasa dia indro miara-mankalaza ny andro manerantany ho an'ny Mpisavalalana indray isika! Tena faly izahay mbola manana tombotsoa afaka miara mankalaza amintsika izany andro izany indray. Niatrika fahoriana sy fihaikana maro isika taorian'ny taona vitsivitsy lasa izay. Indraindray isika dia manontany tena hoe ahoana no ahafahantsika miatrika ireo olana eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika? Tsy maintsy miatrika izany samirery ve isika? Ny valiny dia ny hoe MANDEHA MIARAKA AMIN'I JESOSY. Izy no ilay vatolampintsika, herintsika ary fahazavantsika. Rehefa eo anilantsika Jesosy, dia afaka miatrika ny zavatra rehetra izay mety hiseho eo amin'ny lalantsika isika ary mety afaka hanamboatra lalana hafa mihitsy aza. Rehefa MANDEHA MIARAKA AMIN'ANDRIAMANITRA ihany koa isika dia afaka miatrika ny tafio-drivotra rehetra, mananika ny tendrombohitra rehetra ary miatrika ireo sakana lehibe izay mety hiseho eo amin'ny lalantsika. Tadidio fa tsy ho irery velively isika rehefa MANDEHA MIARAKA AMIN'I JESOSY.

Mino sy manantena aho fa hankafy ny fankalazana mahafinaritra izay atao amin'ity hetsika manan-danja ity ianao. Mijoroa ary MANDEHANA MIARAKA AMIN'I JESOSY mba hahafantaran'izao tontolo izao fa tsy irery velively isika.

**TRATRY NY ANDRO MANERAN-TANY HO AN'NY MPISAVALALANA!**



**Andrés J. Peralta**

Talen'ny mpisavalalana maneran-tany



## MIKASIKA NY MPANORATRA:

**Teraka tany Antofagasta-Chili ny pasitora Alejandro Remo Diaz Gramunt. Nanomboka ny asa fanompoany izy tamin'ny maha mpiandraikitra aram-panahy ny voafonja azy tao Colagio Santiago Avaratra tamin'ny taona 2004. Voaantso ho mpitandrina tao amin'ny distrikan'I Santiago Poniete kosa izy avy eo teo anelanelan'ny taona 2006-2007. Nanao ny asa fanompoany tao amin'ny Misiona Afovoan'I Chili tamin'ny maha mpiandraikitry ny fitantanana sy "MIPES" azy izy ny taona 2008, ary nitana andraikitra mitovy amin'izay ihany izy teo anelanelan'ny taona 2009-2012 tao amin'ny Misiona Avaratr'I Chili. Mpitarika tao amin'ny Sampana tanora sy ny mozika ary ny ADRA teo amin'io sehatra io ihany izy nanomboka ny taona 2013 ka hatramin'ny taona 2014 izy. Mpitandrina tao amin'ny Fivondronambe misy an'i Uruguay izy nandritra ny taona 2015- 2018. Nitazona ny toeran'ny filohan'ny departemantan'ny tanora sy ny mozika tao amin'ny fivondronambe misy an'I Chili izy nanomboka ny taona 2019.**

# Fampahalalana Momba Ny Andron'ny Mpisavalalana

**Ny andron'ny Mpisavalalana dia tokony ho tontolo andro feno fankalazana hahitana ireto manaraka ireto:**

- Hetsika ara-panahy (fanompoam-pivavahana maraina)
- Hetsika fanentanana any ivelany (Sabata tolakandro)/ (GPS: Global Pathfinder Service na ny andro fanompoan'ny Mpisavalalana maneran-tany)
- Hetsika ara-tsosialy (aorian'ny Sabata)

**Tolo-kevitra 7 ho an'ny andron'ny Mpisavalalana:**

1. Fanompoam-pivavahana, ny Mpisavalalana no mandrindra ny fotoana mandritra ny ora masin'ny Sabata
2. Fandraisana anjara amin'ny hetsika fanentanana any ivelany ny Sabata tolakandro.
3. Fanangonana ireo fanomezana manokana ho an'ny asa fanompoan'ny Mpisavalalana.
4. Fanaovana batisa ny Mpisavalalana (tsy voatery).
5. Fianarana ny foto-kevitra sy ireo zava-kendren'ny Mpisavalalana eo anivon'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.
6. Fakana sary ireo ankizy ao amin'ny klioba ary mizara izany ao amin'ny tambanjotra serasera #WPD23, #WPD2023
7. Fanasana ireo namana mba handray anjara amin'ny hetsika mandritra ny tontolo andro.

**Loharanon-kevitra azonao Alaina:**

1. Fampahalalana ankapobeny momba ny andron'ny Mpisavalalana 2023
2. Toro-hevitra ho an'ny andron'ny Mpisavalalana (fanompoam-pivavahana)
3. Horonantsary ofisialy fampahafantarana ny andron'ny Mpisavalalana
4. Horonantsarin'ireo logo
5. Isa mianotra (fanompoam-pivavahana)
6. Modely ho an'ny Keynote sy PowerPoint
7. Fampahafantarana amin'ny tambazotra serasera
8. Fampiasana Flyers
9. Toriteny
10. Famelabelarana ny toriteny amin'ny Keynote sy Powerpoint

# SOSO-KEVITRA AMIN'NY FANDAHARAM-POTOANA

1. Fiarahabana/ fampahafantarana ny andro maneran-tany ho an'ny Mpisavalalana
2. Sekoly Sabata
   - Fiderana/Hira
   - Hira Fanombohana
   - Vavaka Fanombohana
   - Vakiteny
   - Fiartahabana
   - Programa
   - Mozika Manokana
   - Famerenana ny lesona SS
   - Mozika manokana
   - Vavaka Farany
   - Isa mianotra
3. Fidiran'ny Mpandraharaha
4. Vavaka Fiantsoana
5. Hiran'ny Mpisavalalana
6. Voady, Lalàna, Tanjona, Teny Baiko
7. Fiarahabana sy Filazana
8. Fiarahaban'ireo Tale (azo atao horonantsary
9. Hira Fanokafana
10. Vavaka
11. Fotoana manokana (afaka atao feon-kira, tsy voatery)
12. Vakiteny
13. Fanentanana Fanatitra
14. Fotoana manokana (afaka atao feon-kira
15. Toriteny
16. Hira Famaranana
17. Vavaka Famaranana
18. Fivoahan'ny mpandraharaha
19. Sakafo Atoandro
20. Asa soa
21. Fandaharam-potoana tolakandro
22. Antsam-panahy / Tantara an-tsehatra / Asa fitoriana
23. Hioronantsarin'ny tantaran'ny Klioban'ny Mpisavalalana
24. Batisa (azo atao mandritry ny fanompoam-pivavahana maraina)
25. Hetsika ara-tsosialy (Lalao azo atao anaty trano na any ivelany)
26. Fanaovam-beloma



# TOROHEVITRA HIATREHANA NY TEBITEBY

**Indraindray isika mahatsapa fa toa be loatra ny zavatra tokony ho atao manoloana ny fiovana maro mitranga amin'ny tontolo manodidina antsika, ary tsy ampy ny fotoana hanaovana azy ireny; toa tsy manam-potoana hanaovana na inona na inona mihitsy isika. Mety mitarika antsika hahatsapaka ihany koa izany fa tsy misy na inona na inona azontsika atao, ary mety ho sahiran-tsaina na kivy isika na dia miezaka manao zavatra aza. Imbetsaka isika no mety ho sahirana amin'ny fanatanterahana asa iray, mety sahirana koa isika rehefa miresaka ampahibemaso, eny fa na dia ny mivoaka ny trano mihitsy aza dia mety hanahirana antsika. Miangavy antsika anefa Andriamanitra mba hiaraka amin'i Jesosy sy hanaparitaka ny teniny manerana izao tontolo izao. Rehefa tsapantsika fa be loatra ny zavatra tokony ho ataontsika dia makà fotoana kely, ary araho ireto torohevitra manaraka ireto rehefa izany dia MANDEHANA MIARAKA AMIN'I JESOSY.**

## 1. Fisefoana Lalina

a. **Ny fisefoana lalina dia fomba (technique) tsotra iray, izay tena tsara mba hahafahantsika mifehy ny fihetseham-po. Tsy hoe mandaitra sy mahomby fotsiny ihany ny fanaovana izany fa mora tanterahana amin'ny fotoana rehetra sy eny amin' ny toerana rehetra.**

b. **Mipetraha tsara ataovy izay hahazoanao aina dia apetraho eo amin'ny kibonao ny tananao iray. Mifoha rivotra amin'ny alalan'ny orona, ataovy lalina tsara dia hiakatra moramora ny tananao izay eo amin'ny kibonao. Tazony ao amin'ny havokavoka ny rivotra, ary avohay moramora amin'ny vava somary atsangana ny molotra, toy ireny mitsoka zavatra ireny. Ny fanaovana azy miadana tsara no tsiambaratelo: mandritra ny 4 segondra ny fisintomana ny rivotra (inspiration) miato kely 4 segondra avy eo, dia avoaka moramora ny rivotra (expiration) 6 segondra no anaovana azy. Manaova an'izay fihetsika izay mandritra ny 3 ka hatramin'ny 5minitra eo ho eo.**

## 2. Fihetsika mitohy ho firindran'ny hozatra

a. **Hanampy anao hahazo aina tsara ny fampiasana ny hozatra manerana ny vatana amin'ny alàlan'ny fanenjanana sy ny famotsorana azy. Manaraka izany, manampy anao hahita ireo tsy metimety amin'ny vatanao ireo fihetsika mitohy izay atao mba hirindran'ny hozatra.**

b. Mipetraha na mandria eo amin'ny toerana izay mampahazo aina anao. Ho an'ireo faritra eo amin'ny tena voatanisa etsy ambany, azonao atao ny mamokona sy manenjana mafy ny hozatrao kanefa aoka tsy ho tonga hatrany amin'ny fahavizanana. Tazony ao anatin'ny 10 segondra izany fihenjanana izany kanefa tandremo fa arakarak'izay fahatsapanao ihany no hanaovana azy; tsy voatery mahatratra 10 segondra. Avotsory amin'izay avy eo, ahoana ny fahitanao sy ny fahatsapanao taorian'izay zavatra natao izay.

## 3.Fakàna sary an-tsaina

a. Manana hery hanova ny fihetseham-ponao ny eritreritrao. Azo inoana fa hanomboka alahelo hianao rehefa mieritreritra zavatra mampalahelo. Mety hiseho ihany koa ny mifanohitra amin'izay: mahatsiaro ho tony mandrakariva hianao rehefa mieritreritra zavatra tsara sy mampitony. Mila mampiasa io fomba io mba hampihena ny tebiteby ianao.

b. Mieritrereta toerana iray izay hitanao fa mampahazo aina tsara. Mety ho tora-pasika mitokana izy io, mety ho ny efitrano fatorianao ihany koa, eo ihany koa ny tendrombohitra mangina, na mety koa hoe ireny fampisehoana mitabataba ireny mihitsy aza. Mandritra ny 5 ka hatramin'ny 10 minitra, afantohy ny eritreritra mba haka sary an-tsaina an'io toerana io amin'ny antsipiriany. Tena alaivo sary an-tsaina tsara mihitsy ilay toerana fa aza maimaika fotsiny.

## Manontania tena:

- Inona no hitanao manodidina anao? Inona no hitanao eny eny lavitra eny? Jereo tsara ny manodidina mba hahitana azy rehetra. Jereo hatramin'ny antsipirihany izay tsy fahitanao matetika.
- Inona no feo renao? Malefaka ve sa mafy izany feo izany? henoy tsara izay rehetra manodidina anao. Henoy tsara hatrany ahitana raha mahare feo avy lavitra ianao.
- Mihinana na misotro zavatra mahafinaritra ve ianao? Manao ahoana ny tsirony? Mitovy amin'ny inona izany tsirony izany? ankafizo ny tsiro rehetra amin'ilay sakafo na koa ilay zava-pisotro.
- Inona no tsapanao? Manao ahoana ny maripana? Manao ahoana ihany koa ny fahatsapan'ny hoditrao ny rivotra? Ary ahoana ny fahatsapan'ny vatanao ny ankanjo izay anaovanao? Ataovy izay ahatsapanao ny zavatra rehetra.
- Inona avy ireo fofona renao? Mahery ve sa malefaka izany fofona izany? manao ahoana ny fofon'ny rivotra? Makà fotoana kely mba hankafizana ireny fofona na ireny hanitra ireny.

**Tahirin-kevitra:**

1. https://www.therapistaid.com/therapy-worksheet/coping-skills-anxiety
2. Beck, J. S. (2011). Cognitive behavior therapy: Basics and beyond (2nd ed.). New York, NY, US: Guilford Press.
3. Relaxation Techniques for Health. (n.d.). Retrieved from https://nccih.nih.gov/health/stress/ relaxation.htm.

## TARIGETRA

Ny hafatry ny fiveranany ho
maneran-tany amin'izao
taranaka misy ahy izao

## TENY BAIKO

Ny fitiavan'i Kristy no manery anay

## VOADY

Noho ny Fahasoavan'Andriamanitra dia
Sitrako ho toetrako ny ho madio,
ho mahatehotia sy mahatoky,
sitrako ny hitandrina ny lalàn'ny
Mpisavalalana
sitrako ny ho
mpanompon'Andriamanitra
sy ho sakaizan'ny olona rehetra.

## LALÀNA

Ny lalàn'ny Mpisavalalana amiko dia:

1. Mandinika ny fiambenana maraina.
2. Manao ny anjarako am-pahatokiana.
3. Mikarakara ny vatako.
4. Mijery olona manatrika tsara.
5. Mahalala fomba sy mankatoa.
6. Mamindra moramora ao am-piangonana.
7. Mihira mandrakariva ao am-po
8. Mikarakara ireo raharahan'Andriamanitra



# Ny foto-kevitra sy ireo zava-kendren'ny Mpisavalalana eo amin'ny Fiangonana Advantista

**Mihevitra manokana ny tanora ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito no sady mampiofana azy ireo ho amin'ny fitarihana sy ho amin'ny asa fanompoana.**

**Fandaharan'asa ara-panahy, izay ahitana fialam-boly sy ireo hetsika natao manokana ho an'ny tanora 10 ka hatramin'ny 15 taona ny klioban'ny Mpisavalalana. Natao manokana ho an'io sokajin-taona io ny kilioban'ny Mpisavalalana satria mifanaraka tsara amin'ny filàna sy ny tombotsoan'izy ireo ny fandaharan'asa hita ao. Miorina amin'ny hetsika ara-batana avokoa ny ankamaroan'ny fandaharan'asa ao. Natao izany satria ao anatin'ny dingan'ny fivoarana ara-batana tanteraka, tsy mitsaha-mitombo ny tanora ao anatin'io sokajin-taona io. Feno hetsika mampiasa vatana ny atrik'asa ho an'ny Mpisavalalana, misy koa ny fandehanana mijery zava-baovao, eo ihany koa ny fihaikana isan-karazany, misy ny hetsika ataon'ny vondrona izay mampivoatra ny toe-tsaina sy ny fahaiza-manao vaovao ananany izay miteraka fitomboan'ny tena manokana, eo ihany koa ny toe-tsaina tia ny fiarahamonina, fitiavana miara-miasa ary ny fananana toetra mahatoky sy fanajana an'Andriamanitra, fanajana ny zavaboariny, ary koa fanajana ny fiangonany.**

**Na dia natao indrindra ho an'ny tanora aza ny klioban'ny Mpisavalalana, ny iray amin'ireo tanjona fototra dia ny hampivondronana ny ray aman-dreny sy ny mambra eo anivon'ny fiangonana amin'ny alalan'ny fandraisana anjara mavitrika ao anatin'ny klioba sy ny fiarahany amin'ny mpikambana rehetra ao. Ho foana eto ny olana eo amin'ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka (generation gap) rehefa miara-mivavaka, miara-miasa, miara-milalao ny tanora sy ny ray aman-dreny. Hiorina sy ho mafy tsara ny fifandraisana, amin'ny alalan'ny fifampizarana sy ny fametrahana fifampitokisana rehefa miara-miasa amin'ireo Mpisavalalana ny mpitarika sy ireo mpanolo-tsaina azy.**

Ny foto-kevitry ny fitarihana ny Mpisavalalana dia mifototra amin’ny hevitra hoe: “Mandray fampianarana kokoa amin’ny alalan’ny ohatra apetraka noho ny fitsipika omena ny ankizy.” Eo ny tombambidy ananan’ireo mpitarika sy ireo ray aman-dreny, eo ihany koa ny ohatra ara-panahy apetrak’izy ireo izay mitarika ny tanora hiezaka hivelatra hanana toe-tsaina ambony kokoa, toe-tsaina feno fitiavana sy miahy ny hafa, ary vonona ny hihoatra ny zava-bitany rehetra teo aloha, hanao ny tsara kokoa hatrany.

Mianatra amin’ny fomba mahomby indrindra ao anatin’ny rivom-piainana miabo, eo amin’ny toerana ahitana fifaliana sy azo antoka ny tanora. Araka izany singa tena ilaina amin’ny fiantohana ny fahombiazan’ity sampana ity ho an’ireo tanora ireo ny toe-tsain’ireo mpitarika ny klioba. Hahatonga sakana ho an’ny tena fitomboana sy ny fivoarana ara-panahy ho azy ireo ny tsy fihainoana sy ny tsy fahatakarana ny zavatra ilain’ny tanora. Ary mety ho anisan’ny mahatonga ny fiangonana sy ny iraka ataony tsy hahasarika ny tanora mihitsy aza izany.

Ity foto-kevitra ity dia ampahany manan-danja amin’ny klioba. Azo tratrarina tsara ireto tanjona ireto rehefa mikatsaka ny hanatontosana izany ireo mpitarika ny klioba.

- Ampio ireo tanora mba hahafantatra fa tia azy ireo Andriamanitra sy ny fiangonana, mikarakara azy ireo, ary mankasitraka azy ireo amin’ny zavatra ataony. Hanomboka hankasitraka ny fitiavan’Andriamanitra izay nambara taminy tamin’ny alalan’ny fiangonana sy ny asa fanompoany izy ireo rehefa tsapan’ny Mpisavalalana fa eken’ny fiangonana ny fisiany, ary hahatsapa izy fa ilaina ny manolo-tena bebe kokoa amin’ny asan’Andrimanitra.
- Amporisiho ny Mpisavalalana hahita ny fahaiza-manao nomen’Andriamanitra azy manokana ary hampiasa ny fanomezam-pahasoavana ananany sy ny fahaizany mba hanatanteraka ny asan’Andriamanitra izay andrasany amin’izy ireo, eo ihany koa ny anjara asan’izy ireo amin’ny famitana ny drafitra lehiben’ny famonjena.
- Entano ny tanora mba hilaza sy haneho ny fitiavan’izy ireo an’Andriamanitra amin’ny fampiraisana sy fampivondronana azy ireo amin’ny hetsika fanentanana isan-karazany.

- **Ataovy laharam-pahamehana amin'ny fandaharan'asan'ny klioba ny famonjena manokana ny Mpisavalalana tsirairay. Fotoana izay handraisana fanapahan-kevitra maro izay hisy fiantraikany amin'ny ho aviny sy ny fivoarany manokana ny taonan'ny Mpisavalalana. Eo ho eo amin'ny faha 12 taonan'ny tanora iray eo no fotoana mety indrindra hitrandrahana sy hamatorana ny fifandraisana amin'Andriamanitra.**
- **Voleo ao amin'ny fiainan'ny Mpisavalalana ny fahaizana mankasitraka sy ny fitiavana ny zavaboarin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fankafizana ireo hetsika atao eny ankalamanjana, na eny ivelan'ny trano (filasiana, ny dia an-tongotra atao eny amin'ny natiora, fankafizana ny natiora, sns) hiaina fahatsapana mahagaga ny Mpisavalalana ary hankalaza an'Andriamanitra eo am-pijerena sy eo am-pandinihana ny hatsarana sy ny fahalehibiazana ary ny hatsaran-tarehin'ny famoronana eo amin'ny zava-boary. Ho lasa manan-danja kokoa amin'izy ireo ny fiarahany amin'Andriamanitra.**
- **Ampianaro fahaiza-manao sy fialam-boly manokana ny Mpisavalalana, izay hahatonga ny fiainany ho manan-danja kokoa ary hahatonga azy ireo hampiasa sy handany ny fotoanany amin'ny zavatra tsara mahasoa. Mahatsapa fahafaham-po sy fifaliana ny Mpisavalalana rehefa mampiasa ny tanany amin'ny famolavolana zavatra mahasoa 5 toy ny zavatra vita amin'ny hazo, plastika, vy, tanimanga, ny kofehy satria mahita ny fomba fampiasana ireo zavatra ireo izy no sady hainy ihany koa ny mampiasa azy avy eo.**
- **Amporisiho ny Mpisavalalana mba hikarakara tsara ny vatany. Fomba iray lehibe hiarovana amin'ny fidonadonaham-poana sy ny fahasorenana izany. Ampianaro ny ankizy hikarakara ny vatany ary hamboly fahazarana tsara mba hahasoa azy sy ho antoky ny fifaliany amin'ny ho aviny any aoriana. (cf. 2T 536, 537; Educ. 195).**
- **Omeo tombontsoa fanararaotra izy ireo mba hahalalany ny fomba fampivelarana ny haitarika ny mpikambana ao amin'ny klioba, azo atao amin'ny alalan'ny fampirisihana azy ireo mba hiara-hiasa sy handray ny andraikitry ny mpitarika izany. Hampianatra azy ireo izany hianatra ny lesona momba ny fankatoavana, ny fifehezana, ny fahaiza-manavaka, ny fitiavan-tanindrazana ary ny dingana arahana amin'ny vondrona mavitrika iray.**
- **Katsaho mandrakariva ny fampiroboroboana ny fivelarana mirindra sy milamina eo amin'ny ny fiainan'ny Mpisavalalana iray; eo amin'ny lafiny ara-batana, ara-tsosialy, ara-tsaina ary ara-panahy. Ny fanohanana ny saina sy ny vatana, ny fampivoarana ny toe-tsaina tsy misy fitiavan-tena, ny fifantohana amin'ny fialamboly sy ireo hetsika ara-kolontsaina dia hanome tosika ho an'ny fitombon'ny tena manokana ary ho toy ny lalana fivoahan'ny tanora amin'ireo fihetsika taitaitra izay matetika manimba azy izany.**

---

Tahirin-kevitra:https://www.gcyouthministries.org/ministries/pathfinders/philosophy-objectives/




# MANDEHA MIARAKA AMIN'I JESOSY

Toko sy Andininy: Jaona 6:9

## FAMPIDIRANA

Amin'ny maha Mpisavalalana antsika, dia iray amin'ireo zavatra manahirana isan'andro ny fahafantarana hoe iza no tokony hierana raha hanao zavatra iray isika. Maneho fanajana ho an'izay mangataka ary fahatokiana ho an'izay manome alalana io fihetsika io, dia tahaka izany hatrany; misy ny fandinihana sy fanekena; ny fileferana sy ny fahefana

Tsy haiko raha mety efa nitranga teo aminao ihany koa ity zavatra niseho tamiko ity…isaky ny mangataka alalana na miera amin'ireo ray aman-dreniko aho dia mametraka fanontaniana amiko foana aloha izy ireo, toy ny hoe:

- Raha handeha hijery fahitalavitra aho: inona no fandaharana tianao ho jerena? Inona no ampianarin'izany fandaharana izany anao? Adin'ny firy izany?
- Raha handeha ho any amin'ny efitranoko aho: fa maninona ianao no te hijanona ho irery? Tsy misy zavatra atao angaha ianao? Inona no tianao ho atao?
- Raha handeha hilalao amin'ny aterineto aho (en ligne): iza no hiara-hilalao aminao? Avy aiza izy ireo? Adiny firy ianao no hijanona ao amin'ny solosaina ao?

Tsy isalasalana fa ny tena mampanahy ireo ray aman-dreniko dia ny hoe iza ireo miaraka amiko ireo, iza ireo namako ireo, inona ny zavatra ataoko miaraka amin'izy ireo, ary inona no ho mety ho fiatraikan'izany eo amin'ny fiainako.

Imbetsaka izy ireo dia milaza amiko oha-pitenenana tahaka ireto manaraka ireto:

Anaka… tandremo izay olona iarahanao, fa mahita endrika ivelany isika, fa tsy mahalala ny fo.

Anaka… lazao ahy ny namanao dia ho lazaiko aminao ny toetranao

Anaka… hazo tsara foana hiakarana.

Azo antoka fa isaky ny tonga ao an-trano mba hangataka alàlana amin'ny ray aman-dreniko mba ahafahako hanao hetsika ao amin'ny klioba ny mpitarika ahy dia matetika avelan'izy ireo foana aho, nahoana ary?

Satria efa fantatr'izy ireo ilay Mpitarika ny Mpisavalalana. Efa fombany ny mitsidika ahy any an-trano rehefa misy zavatra ho ataonay.

Satria fantatr'izy ireo fa nanana namana tsara aho tao amin'ny vondrona misy ahy.

Satria fantany ihany koa ireo olona mitantana sy mitarika ny klioba.

Misy fotoana ireo ray aman-dreniko tonga manatrika ny fivorian'ny Mpisavalalana. Mahafantatra tsara ny mikasika ny fivoriana rehetra izy ireo satria ampahafantarina azy ireo mandrakariva izany; fantany fa tsara ireo hetsika ataon'ny klioba ary mianatra zavatra mahasoa avy amin'izany aho.

Ao amin'ny Baiboly ao dia misy tantara mampieritreritra anakiray, tsy maintsy nangataka alàlana ilay zazalahy. Tantara nisy fifanajana sy fifampitokisana, fiheverana ny hafa, fanekena ary fahefana izany tantara izany. Mamelà ahy hilaza aminareo izany tantara izany.

## 1. ILAY FAHAGAGANA TAMIN'NY FAMPITOMBOANA NY MOFO SY NY HAZANDRANO

Ity ilay tantaran'ny fampitomboana ireo mofo sy hazandrano, ny tena marina dia miresaka ilay zazalahy izay fototry ny fahagagana niseho izy ity. Zazalahy izay tsy dia voaresaka firy.

Tsy dia voaresaka firy ilay zazalahy fa ilay fahagagana kosa dia tena nanan-danja, satria dia hitantsika ao amin'ireo filazantsara 4 ao amin'ny Baiboly io tantara io, fa i Jaona irery ihany no milaza amintsika ny anaran'ilay zazalahy fototry ny tantara. Tandremo tsara fa, Mety ho hafa ny fahagagana raha tsy teo izy. Fantatrao ve hoe iza no resahina? Azonao sary an-tsaina hoe iza no tiako ho resahina?

Asaiko ianao handray ny Baibolinao ka hijery ny filazantsaran'ny Jaona 6:1-15

Ity ary ilay tantara, ny zava-niseho izay hita ao amin'ny andininy faha 9 no tiako ho zaraina aminareo

"Misy zazalahy aty manana mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika roa, fa ho ampy inona moa izany amin'ny izao olona betsaka izao?

Mino aho fa misy amintsika eto mitovy taona amin'io zazalahy voalazan'ny tantara io. Raha efa nisy klioban'ny Mpisavalalana angamba tamin'ny andron'i Jesosy, tany Jodia na tany Betsaida dia mety nanao fehi-tenda mavo mitovy amin'izay anaovantsika ankehitriny ity zazalahy ity.

Tsy voasoratra ao amin'ny Baiboly ny hoe noho ny fahafantaran'ity zazalahy ity fa teo i Jesosy no nahatonga azy haniry handeha hanaraka Azy saingy azontsika alaina sary an-tsaina kosa izany.

Milaza ny tantara fa sahirantsaina i Jesosy; te ho irery izy. Vao maty vao haingana manko i Jaona Mpanao Batisa tamin'io fotoana io, nandeha niampita ny ranomasina niakatra ny tendrombohitra niaraka tamin'ny mpianany Izy. Fa rehefa ren'ny olona ny momba an'i Jesosy sy ny nanasitranany ny aretina maro dia nanaraka Azy izy ireo.

Fantatrao ve fa tao Genesareta no nanasitranana ny marary rehetra; jereo izay lazain'ny Marka 6:55 sy ny 56 hoe:

"Ka nihazakazaka tamin'izany tany rehetra izany ary nitondra ny marary tamin'ny fandriana ho any amin'izay reny fa nitoerany. Ary na taiza na taiza no nidiran'I Jesosy, na tao amin'ny vohitra, na tao an-tanàna na tao an-tsaha, dia napetraka teo an-kianja ny marary, ary ny olona nangataka hanendry na dia ny somotraviavindambany ihany aza: ary sitrana izay rehetra nanendry Azy".

Tsy isalasalana fa ny lazan'i Jesosy, sy ny fomba nanehoany ny fangoraham-pony tamin'ny olona, no nanaitra ny fahalianan'io zazalahy io. Naniry ny ho any amin'izay misy an'i Jesosy izy nohon'ny fahafantarany fa nanana hery manasitrana ny marary Jesosy. Te-hahita sy handre Azy izy. Ary azo antoka ihany koa fa raha ny taranaka ankehitriny no voasariky ny toetran'i Jesosy dia mba haniry hiaraka amin'i Jesosy ihany koa izy ireo.

Amin'izao androntsika izao, toy ny tamin'ny andron'i Jesosy koa, dia misy olona maro mila ny fanasitranan'I Jesosy, be dia be ny olona mila mandre ny momba an'i Jesosy mba hino Azy sy hanatona Azy. Ity namantsika ity dia tsy vitan'ny hoe nahafantatra ny fisian'i Jesosy teo fotsiny fa liana koa ny handeha any amin'izay misy Azy.

Rehefa mandray anjara amin'ny fampianarana Baiboly isika, dia tsy ny tantaran'Ilay nanolotra ny ainy ho antsika ihany no ampianarina antsika fa ny mikasika ny Fanahin'Andriamanitra sy ny fomba hampaherezany sy hamporisihany antsika ihany koa mba hanatanterahantsika ny zavatra handrasany amintsika dia hiteny hoe "Hiaraka Aminao aho Jesosy".

## 2. MITERAKA FAHATOKIANA NY LAZA TSARA

Na dia zazalahy ary no noresahantsika teto, izay toa ahy sy ianao ihany, dia tsy nifehy ny tenany izy. Raha te handeha any amin'ilay toerana nisy an'Ilay Nazareana izy, dia nila niera nangataka alalana, ary ny fangatahana alàlana dia midika fa tsy maintsy vonona hamaly fanontaniana maromaro izy. Tsaroanao ve ny fanontaniana napetraky ny ray aman-dreny rehefa mangataka alàlana amin'ny zavatra iray isika? Eny, mety mihoatra ny vitsivitsy amin'ireo fanontaniana ireo ihany koa no napetraka taminy.

Toy ny taloha ihany ny ankehitriny, miasa saina mandrakariva ireo ray aman-drenintsika sy ireo mpitaiza isaky ny tsy maintsy hanome alàlana antsika handeha any amin'ny toerana iray izy ireo.

Tamin'ny andron'i Jesosy, toy ny amin'izao fotoana izao ihany, dia misy toerana sy olona mampidi-doza manodidina antsika. Na dia milaza aza isika fa mahay mikarakara tena dia milaza amintsika koa ny Baiboly hoe: "Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina fandrao ho lavo!" ( 1Kor 10:12) raha amin'ny fiteny hafa dia hoe... mety mampidi-doza ny fahatokisan-tena be loatra

Im-betsaka ireo ray aman-dreny no tsy manome antsika alàlana hivoaka, tsotra fotsiny ny antony; satria tsy fantany hoe ho aiza isika; tsy fantany ihany koa hoe hiaraka amin'iza isika ary mbola tsy fantany ihany koa ny ora izay hiverenantsika.

Na izany aza anefa, ho an'ny olona maro dia toerana tsara ho an'ny tanora ny klioban'ny Mpisavalalana. Manana ny maha izy azy ny klioba: mahazo ny fitokisan'ny ray aman-dreny ireo mpitarika. Manome alàlana antsika izy ireo handeha hilasy, manome alàlana antsika ihany koa izy ireo handeha hanao hetsika any amin'ny tendrombohitra, eny amin'ny farihy sy ny renirano eny; manome alalana antsika izy ireo handeha hanao dia lavitra... hamonjy ireo lasy lehibe toy ny "camporee". Fa nahoana ary? Tsotra ihany ny valiny, noho ny laza tsara ananan'ny klioba. Noho ny laza tsara ananan'ny mpitarika ary miteraka fahatokiana izany rehetra izany. Noho izay antony izay indrindra, dia maro amin'ireo ray aman-dreny no te hampiditra ny zanany ao amin'ny klioba. Satria miteraka fahatokiana ho azy ireo ny fandaharan'asan'ny klioba; satria fantany fa ho voaaro sy hanana namana tsara ny zanany ao amin'ny klioban'ny Mpisavalalana.

Niteraka fahatokiana ho an'ny olona ny lazan'i Jesosy. Olona an'arivony no nitangorona nanodidina azy. Olona izay nandre ny momba an'i Jesosy ireo.

sy ianao amin'ny maha mpikambana antsika ato anatin'ity klioba izay manana laza tsara ity. Isaky ny manao ny fanamina isika, dia mijoro vavolombelona, tsy amin'ny maha Mpisavalalana antsika ihany fa mijoro ho vavolombelona ho an'i Jesosy koa isika, ary miteraka fahatokiana izany. Izay indrindra no tokony hanasantsika ireo namantsika, ny mpiara-mianatra amintsika, ny mpiara-monina amintsika mba ho avy hiditra ao amin'ny klioba. Mety misy ireo ankizy izay maniry ny handray anjara amin'ny hetsika izay ataonao.

Sahiko ny manamafy eto fa nahafantatra ny lazan'i Jesosy ny renin'ilay zazalahy izay noresahantsika tao amin'ny tantara teo, ary toy ny mpiara-monina aminy ihany, dia nanome fahatokisana sy filaminana ary fiadanan-tsaina ho azy ny zavatra henony ka nahatonga azy hamela ny zanany handeha.

## 1. MITARIKA HO AMIN'NY FANEKENA NY FAHALALANA

Alaivo sary an-tsaina ny zava-niseho… nifoha tao amponao ny faniriana handeha ho any amin'izay misy an'i Jesosy. Olona maro toa anao no mandeha mankany. Na ireo namanao aza dia mandeha miaraka amin'ireo ray aman-dreniny mihitsy, na izany aza anefa dia tsy toy ny namanao ianao, fantatrao fa tsy ho afaka hiaraka aminao ny reninao amin'io fotoana io, ka tsy maintsy mangataka alàlana aminy ianao.

Niteraka fanantenana lehibe ny laza tsara nananan'i Jesosy. Maniry ny ho any ianao, tena liana amin'ny fandehanana any ianao, saingy tsy maintsy miera mangataka alàlana ianao.

Fotoana maromaro lasa izay, mba handeha hilasy aho, tsy maintsy nangataka alàlana tamin'ireo ray aman-dreniko ny mpitarika ny Mpisavalalana mba handehanako. Mbola tany am-pianarana izahay ary ny tena nahasarotra azy dia efa ho avy ny herinandro fanaovana ny fanadinana. Tena te-handeha amin'ilay lasy lehibe aho. Fantatro fa handalo fotoana mahafinaritra aho any, ary fantatro koa fa handeha avokoa ny ankizy iray kilasy amiko, saingy nila ny ray aman-dreniko aho mba hanasonia ilay taratasy fahazoan-dalana.

Tamin'ny toriteny nataon'i Jesosy teo an-tendrombohitra, dia voalaza fa nanasa ny olona hanatona Azy Jesosy. Nanasa ny karazan'olona rehetra izy… "Mankanesa aty amiko… Mankanesa aty amiko…" tsy nisy fanasana mazava avy tamin'i Jesosy ny fahagagana tamin'ny fampitomboana ny mofo fa ny fahafantarana fotsiny hoe teo i Jesosy dia efa fanasana sahady mba hanara-dia Azy.

Tamin'ny toriteny nataon'i Jesosy teo an-tendrombohitra, dia voalaza fa nanasa ny olona hanatona Azy Jesosy. Nanasa ny karazan'olona rehetra izy… "Mankanesa aty amiko… Mankanesa aty amiko…" tsy nisy fanasana mazava avy tamin'i Jesosy ny fahagagana tamin'ny fampitomboana ny mofo fa ny fahafantarana fotsiny hoe teo i Jesosy dia efa fanasana sahady mba hanara-dia Azy.

Toa azoko sary an-tsaina ilay tovolahy nandeha niera nangataka alàlana tamin'ny reniny, ary tsy nila naheno ny fanazavana noentin'ny zanany akory izy satria efa fantany ny lazan'I Jesosy.

Nahatoky tanteraka izy fa izay toerana misy an'i Jesosy dia toerana azo antoka, tena azony antoka izany ka nahatonga azy hiteny amin'ny zanany hoe...

"Mandehana miaraka amin'i Jesosy"

"Mankanesa any Aminy fa ho voavonjy ianao"

"Mandehana ary mitoera any"

"Mankanesa any amin'I Jesosy fa matoky Azy aho"



Rehefa niresaka tamin'ireo ray aman-dreniko ny mpitarika ary nilaza azy ireo ny zavatra ho ataonay sy ny toerana ho alehanay, dia hoy ny ray aman-dreniko hoe, "mandehana ry zanako, mandehana miaraka amin'ny mpitarika anao ary mahazoa fahafinaretana sy fifaliana. Mandehana ary araraoty ny fotoana rehetra. Mahità fifaliana miaraka amin'ireo mpiara-mianatra aminao.

Ny Jaona 6:9 dia milaza amintsika fa noentina teo amin'ny Jesosy ilay zazalahy niaraka tamin'ilay sakafo izay efa nomanin'ny reniny ho azy. Fa ny tantara dia milaza amintsika fa tamin'ireo olona marobe izay nanatrika dia io zazalahy iray io ihany no nanana zavatra azo nohanina, ary izany no nitondrana azy ho eo amin'i Jesosy, azonao an-tsaina ve izany? noentina teo amin'i Jesosy izy.

Nanaiky ny handehanan'ilay zazalahy ny reniny, satria nahafantatra sady nahare ny momba an'i Jesosy izy; naniry ny hanome izay nananany ilay zazalahy, satria nandany fotoana nihainoana an'i Jesosy izy… mahafantatra an'i Jesosy.

## FAMARANANA

Na dia milaza ary ny Baiboly fa naneho firaisan-kina ny zavatra nataon'ity zazalahy ity, dia manokatra ny saintsika ihany koa ny tantara ary manampy antsika hahatakatra fa tena mahasarika ny toetran'i Jesosy. Miantso ny vahoakany Jesosy mba hitsena Azy, na firy taona na firy taona isika, na inona zavatra fantantsika, na inona zavatra azontsika atolotra, rehefa miaraka amin'i Jesosy isika dia lasa fitaovana ampiasainy. Rehefa miaraka amin'i Jesosy isika dia lasa fantsona mitondra fitahiana ho an'ny fianakaviantsika, ny namantsika ary ireo mpiara-belona amintsika.

> Tena mahagaga ny hoe ilay mofo kely sy hazandrano izay nentin'ilay zazalahy izay nomeny an'I Jesosy dia nitondra fitahiana ho an'ireo olona marobe.

> Nanontany i Paoly hoe: "hatao ahoana ary ny fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana ny fino izay olona tsy reny? Ary hataony ahoana no fandre, raha tsy misy mpitory? (Rom 10:14)

Ny miaraka amin'i Jesosy… ny fanekena ny fanasany, dia mamporisika antsika hanatanteraka ny sitrapony.

Na ilay reny aza dia nanome alàlana ary niteny hoe, "Mandehana miaraka amin'i Jesosy" … ary ilay zazalahy dia namaly hoe "Handeha hiaraka amin'i Jesosy aho" mety afaka naka sary an-tsaina izay hitranga ora maro taty aoriana isika.

Vahoaka maro izay nahazo fifaliana tamin'ny fihainoana an'i Jesosy sy ny zavatra nataony no nomena sakafo ary mbola nisy vahoaka maro ankoatra ireo ihany koa nifaly tamin'ny ambin'izany fahagagana izany.

## Ny Antso

Mankalaza ny faha 73 taona nijoroany ny klioban'ny Mpisavalalana ankehitriny, anisan'izany ianao, satria niteny taminao ireo ray aman-dreninao hoe MANDEHANA; ankehitriny ianao dia Mpisavalalana izay misalotra am-pifaliana ilay fehitenda miloko mavo, satria ianao dia niteny ihany koa hoe HANDEHA AHO.

Te hilaza aminao aho fa ny fanasana lehibe indrindra nataon'i Jesosy ho anao, dia tsy ny hoe hisoratra anarana ao amin'ny klioba fotsiny, tsy hoe koa hoe voasoratra fotsiny ao amin'ny bokin'ny kilasim-pandrosoana ny anaranao, na koa efa nisoratra anarana hamonjy lasy lehibe ianao.

Ny tanjon'i Jesosy lehibe indrindra, amin'ny alàlan'ny klioba dia ny hilazanao hoe HANOLOTRA ny fiainako amin'ny alàlan'ny batisa aho. Ka haneho amin'ny olona rehetra fa an'i Jesosy aho. HANAIKY Azy ho mpamonjy ny tenako manokana aho; amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahasoavana ananako sy ny talentako, amin'ny alalan'izay rehetra ananako dia vonona aho ary hilaza amin'izay rehetra manodidina ahy, ny fahagagana nataony tamiko.

Moa ve ianao maniry ny hiaraka Aminy? Te hiteny ve ianao hoe MANIRY AHO ary handeha hidina ao amin'ny ranon'ny Batisa?

Raha nitoetra teo an-tongotr'i Jesosy nandritra ny taona ianao, nihaino ny teniny tao amin'ny kilasin'ny Batisa… inona no mety manakana anao tsy ho atao Batisa? Ny mifanohitra amin'izany aza no tokony hisy…Efa mahafantatra Azy ianao, ary azo antoka fa vonona ny hiteny hoe HANDEHA AHO.

Te hanolotra ny fiainanao ho an'I Jesosy ve ianao, tianao ho voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainana ve ny anaranao?

Raha "eny" ny valinteninao, dia hoy aho aminao hoe….

MANDEHANA MIARAKA AMIN'I JESOSY!

**Pr Remo Díaz G**
Talen'ny Tanora
Union de Chili



GENERAL CONFERENCE

**YOUTH MINISTRIES TEAM**

PATHFINDER

CLUB